Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Fitondrana mbola manao antsirambina ny hasina fototra maha malagasy

Nisy fotoana elaela tsy nahenoina intsony ny momba ny vaky fasana sy halatra taolampaty. Nipoitra indray anefa izany tamin'ity herinandro ity tany amin'ny faritra atsinanan'ny Nosy, izay nampitain'ny haino aman-jery. Mampieritreritra ny mahita ireo taolambalo araraka amin'ny tany toy ny tsy misy hasina mihitsy. Ny mason'ny mpitondra fanjakana eto amin'ny tany sy ny fanjakana ve dia mahavita mijery an'ireny sy manaiky ny fisian-javatra toy izany ? Raha olom-pirenena mihevitra ho malagasy ihany sy mbola tena manana ny fo amam-panahy sy toe-tsaina malagasy dia tsy maintsy misy fihetsika ataony, fa tsy toy ny vahiny na vazaha sambany mahita izany trangan-javatra izany. Raha amin'ireo mpitondra no manana izany toe-tsaina amam-piheverana toy izany dia mila mieritreritra izy, fa diso safidy tanteraka izay nanendry azy na ireo olona nifidy azy.

Ny fasana sy ny razana na ny taolambalo dia tena manana ny hasiny tanteraka amin'ny Malagasy ary tsy azo anaovana antsirambina velively na kely aza. Toa mitady hivahavaha ve izany soatoavina izany. Ny eo anivon'ny ministeran'ny kolontsaina aza dia tsy ahenoina mihitsy mba fanentanana amin'izany, eny na dia ilay olo-malaza ao miseho hiaro ny kolontsaina Malagasy aza dia tsy miteny izany hasiny sy ny tokony hiarovana izany hasin'ny fasana sy ny taolambalon-drazana izany. Tsy ahenoina ary tsy hita mivoaka ao amin'ny minisiteran'ny kolontsaina ny amin'ny mba fanoloran-kevitra eo anivon'ny Filankevitry ny minisitra ny famoahana lalàna ny amin'ny fanasaziana izay olona tratra mamaky fasana na mangalatra taolambalon-drazana. I Andry Rajoelina dia tsy mbola nahenoina teny sy fandraisana fanapahan-kevitra hentitra momba izany mihitsy na tamin'izy nitondra ny tetezamita na izy tato anatin'izao roa tao mahery hiditra amin'ny fahatelo taona nitondrany izao. Tsy mahamaika azy ireo ve izany fa zavatra hafa izay mifototra amin'ny politika fiarovan-tseza sy tombontsoa ary fahefana hatrany no ifotoran'ny sainy? Mampieritreritra lalina izany fitondrany izany ary tsy tokony ametrahana fitokisana. Ilay fototra maha Malagasy mihitsy mantsy ao anatin'ny vaky fasana sy halatra taolampaty izay no potehina sy hosihosena tsy ivakiana loha. Heloka bevava eo anatrehan'ny firenena Malagasy mihitsy izany ary tsy tokony avelavela amin'izao fotsiny.

Ireo olona notsirihina nanongilan-tsofina migadra eny amin'ny fonja dia tsy namoaka mihitsy hoe iza ny atidoha amin'izao halatra taolam-paty izao, ary inona no ao ambadik'izany? Nahoana no tsy fantatra mihitsy hatramin'izao ny marina amin'ity resaka vaky fasana sy halatra taolambalo ity? Re fa nisy olom-pirenena, mpitandro filaminana iray mba te hahafantatra ny marina, nanao fanadihadiana momba ity resaka mamoadoza ny firenena ity. Nandeha ny fanadihadiana nataony kanefa tsy tonga hatramin'ny farany. Ny antony, mijanona eo amin'ny olona manana ny lazany eto amin'ny tany sy fanjakana no izoran'ilay famotorana ary tsy nanana fahasahiana izy nanohy ny fanadihadiany noho ny toerana misy azy eo anivon'ny mpitandro filaminana. Izy rahateo mbola ambanimbany galona ihany. Dia ho toy izany ve ny raharaha maizina misy eto amin'ity firenena ity, ary fositra iray lehibe manapotika ny hasin'ny firenena. Mpitondra inona re no tsy taitra na minia mikimpy lava izao amin'ny fisiana toe-javatra toy mitranga eto amin'ny firenena izao? Misy ny sahy miteny hoe, raha ny an'ireo mpitondra ambony ireo ve no isiana, mba tsy ilazana hoe lasibatra matetika, no iharan'izao vaky fasana, mbola hanao izao fihetsika ataony izao ve izy rehetra? Fa any amin'ny sarambabem-bahoaka no itrangan'izany dia tsy hita izay fihetsika ataon'izy ireo, efa ho telo taona latsaka izao. Tsy izany ve no manao no vain-drahalahy tsy maharary? Tsy Malagasy izany, fa mpitondra hafahafa, ary azo lazaina fa diso mpitondra ity firenena ity. Ilay fototra maha ianao anao mihitsy no potehina sy hosihosena kanefa tsy misy fepetra raisina. Any amin'ny baolina kitra tsy fototry ny firenena indray no miaka-peo mafy i Andry Rajoelina, fa tsy hita any amin'ilay fototra maha Malagasy izany. Eo anefa mihambo ho tia tanindrazana sy saropiaro amin'ny maha Malagasy. Aoka tsy hamita-bahoaka ary ao anatin'izany ireo olona milaza azy mandala ny maha- Malagasy eo anivon'ny minisitera sy ireo fikambanana maro samihafa. Aoka izay fitenenana an-tendro molotra fotsiny fa tia ity firenena ity, kanefa tsy sarotiny akory amin'ny toe-javatra toy izao. Fihatsarambelatsihy tanteraka izany ary anisan'ny fositra manimba ny firenena, mba tsy ilazana hoe anisan'ny fahavalom-pirenena.

Raha mbola tsy misy fanapahan-kevitra avy amin'ny fitondrana sy fandraisana fepetra sy sazy henjana raisina dia mbola ao anatin'ny anisan'ny mampieritreritra lalina izao fitondrana izao, amin'ny resaka soatoavina Malagasy, ary resabe fampiesonam-bahoaka fotsiny ny ankoatra izay.

Aris

MPANDAINGA NY FILOHA

Tsy tafiditra tany New-York Rajoelina raha tsy vita vaksiny

Niakatra ny piolipitran'ny Firenena Mikambana Ingahy Filoha "sans qualité", io no fiakarana voalohany nataony taorian'ny "nahavoafidy" azy ho filohampirenena, satria ny taona 2019 dia ny Praiminisitra Ntsay Christian no tany ary ny taona 2020 dia mbola ny Praiminisitra ihany no niteny tamin'ny alalan'ny visioconférence.

Sambany teo amin'ny fiainan'Ingahy Filoha io fiakarana piolipitra io, satria tamin'ny taona 2009 fony izy Filohan'ny Fat , raha nilingilingy namonjy ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana andiany faha-64 izy dia tratran'ny hoe mbay tany fa "sans qualité ", nofy ratsy ho an-dRajoelina izany mankany New-York izany. Tamin'ity indray mitoraka ity aza dia mbola nitoetra izany maha-"sans qualité" azy izany, satria nandainga, namita-bahoaka, satria nanao vaksiny ny filoha Malagasy, nefa ny vahoaka no namporisihany hisotro ny mangidy CVO, tsy mbola nisy tranon-dainga ohatr' izany. Tsy tafiditra tany Etazonia mihitsy Rajoelina raha tsy nanao vaksiny.

Marihina dieny mialoha, fa matoa izy tafiditra tao an'efitrano ka afaka nandray fitenenana dia mazava fa nanaraka ny fepetra napetraka sy nifanarahan'ny rehetra dia ny fanaovana vakisiny izany, noho izany dia tokony hanambara ampahibemaso amin'izay Ingahy Filoha f'efa vita vaksiny soa amantsara ny tenany .

Tsy maintsy vita vaksiny vao tafiditra any amin-dry Bekintana, ary vaksininy no tokony ho natao dia ny Pfizer Bion-tech. Ny sinoa manana ny vaksininy Sinopharm, tsy eken'ny Amerikana izany, izay no tsy nahatonga ny filoha sinoa Xi Jinping tany New-York, fa tamin'ny alalan'ny visio-conférence no nikabariany tao amin'ny AG ny ONU.

Mikasika ny kabarin'Ingahy Filoha dia ny efa nampoizina no nitranga toy ny hoe : noraofina tamin'ny sobika ny hadisoana, ny fidedahana, mandoka tena tsy ferana intsony, satria fady amin'ny sehatra toy ireny ny fampiasana ny " je suis", ny rediredy mitanisa ireo zavabita toy ny kianja, sns… dia nampisitri-belona, tsy ho tapitra raha tanisaina avokoa, fa ny fehiny dia tsotra sady mazava, tsy voafehin-dRajoelina sy ireo mpiaradia aminy ny antsoina hoe diplomasia .

Fa anisan'ny nitsofan'ny mpomba ny fitondrana mozika ny fahazoana ilay vola mitentina " 332 tapitrisa dolara" vola fanampiana avy amin'ny FMI, natao hiatrehana ny ao aorian'ny aretina, ny firenena rehetra dia samy nisitraka io fanampiana io, indrindra fa ny toa antsika izay " Firenena Mahantra Indrindra (FMI) ".

Antenaina fa hivoatra amin'izay ny fomba fitantanana io fanampiana io, mba hisy amin'izay ny mangarahara tsy toy ny teo aloha .

Ny Valosoa

TONONKALO

HIVOAKA ANY IVELANY INDRAY IANAREO ?

Efa tena mahakivy raha vao hoe `nareo no hivoaka.
Hisy bizina indray sa hisy afera be hipoaka ?
Tena izany foana manko no nitranga tato ho ato.
Lasa manana tantara ny seranana eny Ivato !

Nodradraina fa dia hoe mikatona ny sisintany,
Kanjo isan-kerinandro , misy miditra hatrany.
Ireo mivoaka moa tsy ferana , mody tsy mikatrokatroka,
Fa manao ny danin`ny kibony ireo karana "bory satroka"!

Efa tena mahakivy raha vao hoe `nareo no hivoaka.
Horonantsary ahoana indray no mety ho hitan`ny vahoaka?
Ho faty ve ny camera ka ny mpisava hiala maina?
Iza indray aminareo no sahy handà tsy hosavaina ?

Izany sy ny toy izany no miseho miverimberina.
Tena tsy afaka ny loto fa vao mainka tandalerina.
Tsy mba ny olon-tsotra akory no mpandika ny lalàna,
Fa mazàna ianao akaiky sy ao anaty fitondrana !

DADAN`i ZINA (23-09-21)

Fonja politika no misy eto

Tsy voahaja ny maha olona, marary Mbola Rajaonah

Efa notaterina tamin'ny laharana mialoha an'ity ny fahafatesan'ilay voampanga noho ny raharaha "famonoana tompon'andraikitra ambony", izay notazonina teny amin'ny fonjan'i Tsiafahy, mibaribary fa dia misy dia misy tokoa ny tsy lavorary eo amin'ny fomba fitantanana ny fonja eto amintsika.

Ny tena olana amin'ny raharaham-pitsarana sy ny fonja eto amintsika amin' izao fitondran-dRajoelina izao, dia ny fidiran'ny politika diso tafahoatra, ka tsy voahaja intsony ny lalàna sy ny zo mahaolona ,ny vaovao farany avy eny Tsiafahy izao dia marary mafy i Mbola Rajaonah, kanefa dia mbola mifangaro amin'ny sarababembahoaka , tsy voajery ny mahaolona, fa ny firehana politikan'ilay voafonja no omen-danja.

Ny mpandraharaha ara-toekarena, Mbola Rajaonah.

Nirehareha Ingahy Filoha, fa nahatsangana fonja manarapenitra tetsy Imeritsiatosika, kanefa ny fonja rehetra manerana an'i Madagasikara tsy voahevitra ny fanatsarana azy , satria miaina ao anatin'ny tsizarizary ireo voafonja , manginy fotsiny ny fitanilana vokatry ny fomba fijery politika sadasada .

Nesorina tamin'ny toerany ny minisitry ny fitsarana teo aloha Andriamahefarivo Johny, ka nosoloina an'Ingahy Imbiky Herilaza, izay efa Sekretera Jeneraly tao amin'io ministera io, ary efa nirotsaka ho filohan'ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara, saingy resin'i Fanirisoa , tsetsatsetsa tsy aritra ihany iny, fa ny tiana hambara dia mpitsara nahavita fianarana , nianiana ara-dalàna Ingahy minisitra ankehitriny, koa antenaina fa handeha araka ny tokony ho izy amin'izay ny raharaha fanenjehana ireo namana mpanao gazety toa an'i Rolly Mercia sy Andrianjato Vonison, ny iray ministra teo aloha migadra, ny iray ministra teo aloha miafina noho ny fanenjehana politika ihany.

Ny fanirian'ny olompirenena rehetra taorian'ny nitokanana ny fonja vaovao teny Imeritsiatosika dia mba tsy hisy intsony ny fampiasana ny fonja ho amin'ny valifaty politika, satria ny mpitondra mandalo, ny toerana ifandimbiasana, fa ny fonja kosa dia mitoetra eo foana, ka raha tsy manao dingana lehibe ny mpitondra ankehitriny dia azo inoana fa ho avy amin'izy ireo ny tora-bato miverina, sady tsy voatery ho any amin'ilay nambara ho '' fonja manarapenitra. ''fa mety mbola ho Tsiafahy.

Ny Valosoa